REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitiavana - Tanindrazana - Fandrosoana

ASSEMBLEE NATIONALE
ANTENIMIERAMPIRENENA

REPOBLIKA FAHAEFATRA

FE-POTOANA FANAOVAN-DALANA FAHATELO

FOTOAM-PIVORIANA TSY ARA-POTOANA FAHAROA
TAONA 2024

---

DIRECTION DE LA LEGISLATION

SERVICE DES PROCES-VERBAUX
ET DES COMPTES-RENDUS ANALYTIQUES

# FITANANA AN-TSORATRA NY FIVORIAMBE

LAHARANA FAHA-27

**LANONAM-PAMARANANA AMIN'NY FOMBA OFISIALY NY FOTOAM-PIVORIANA ARA-POTOANA FAHAROAN'NY ANTENIMIERAMPIRENENA, TAONA 2024**

Fivoriana faha-16
Natao ny
Zoma 13 Desambra 2024
- Atoandro -

**FIVORIAMBE**

**FILOHA:** ANDRIAMANANORO RAZAFINARIVO Augustin

**MPITANTSORATRA:** - Ramatoa ANDRIANASOLO Nadine
- Andriamatoa RAHOLIJAONA Harson

**FOTOANA:** Zoma 13 Desambra 2024, tamin'ny 11 ora sy 20 minitra, atoandro.

**FANDAHARAM-POTOANA:** Lanonam-pamaranana amin'ny fomba ofisialy ny fotoam-pivoriana ara-potoana faharoan'ny Antenimierampirenena, taona 2024.

- Lakolosy -

**- 1 -**
**- Fitohizan'ny fivoriana -**

**Andriamatoa FILOHA**
Tompokolahy sy Tompokovavy, mitohy ny fivoriantsika.

Miarahaba antsika rehetra tonga manatrika izao lanonam-pamaranana ny fotoam-pivoriana ara-potoana faharoan'ny Antenimierampirenena, taona 2024 izao.

Iangaviana ny Mpitantsoraka mba hamaky ny andininy faha-75 ao amin'ny Lalàmpanorenana sy ny andininy faha-206 ao amin'ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena.

**- 2 -**
**- Famakiana ny andininy faha-75 ao amin'ny Lalàmpanorenana sy ny andininy faha-206 ao amin'ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena -**

**Andriamatoa RAHOLIJAONA Harson**
Misaotra, Andriamatoa Filoha, nanome ny fitenenana.

Andininy faha-75 ao amin'ny Lalàmpanorenana :
Mivory ara-potoana indroa isan-taona ny Antenimierampirenena. Ny faharetan'ny fotoam-pivoriana isanisany dia ferana ho enimpolo andro.

Manomboka ny Talata voalohany amin'ny volana Mey ny fotoam-pivoriana voalohany ary ny Talata fahatelo amin'ny volana Oktobra kosa ny fotoam-pivoriana faharoa, izay atokana indrindra amin'ny fandaniana ny lalàna mifehy ny fitantanam-bolam-panjakana.

Andininy faha-206 ao amin'ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena :
Ny Filoha no manambara ny fikatonan'ireo fotoam-pivoriana ara-potoana roa isan-taona eo amin'ny fiafaran'ny famaranana ny fivoriana farany voafaritry ny diniky ny Filoha enipolo andro aorian'ny fisokafan'ny fotoam-pivoriana isanisany.

**Andriamatoa FILOHA**
Misaotra ny Mpitantsoratra isika namaky ny andinin-dalàna teo.

Mialohan'ny hidirantsika amin'ny lahateny famaranana, tiako ny mampahafantatra antsika fa misy ny taratasy izay napetraky ny Filohan'ny Antenimierampirenena, Andriamatoa TOKELY Justin, indro hovakiana amintsika izany.

**- 3 -**
**- Famakiana ny taratasy avy tamin'Andriamatoa Filohan'ny Antenimierampirenena -**

«Livingstone», faha-13 Desambra 2024

Andriamatoa Filohan'ny Antenimierampirenena misolo toerana,
Isika mpikambana ao amin'ny Birao Maharitra sy Solombavambahoaka namana hajaina ary ireo olo-manan-kaja manatrika izao lanonam-pamaranana izao.

Voninahitra ho ahy ny manoratra ny taratasy fialan-tsiny noho ny tsy fahafahako mitarika ny lanonam-pamaranana ny fivoriana ara-potoana faharoa amin'izao fotoana fanaovan-dalàna vaovao eto amin'ny Antenimierampirenena izao.

Satriko tokoa hifanatri-tava aminareo taorian'ireo asa sy adidy aman'andraikitra nosahanintsika nandritra ity fivoriana ity saingy ny asan'ny Antenimierampirenena dia tsy an'i Madagasikara irery ihany fa ao koa ny adidy iraisam-pirenena tsy maintsy atrehina.

Anjaran'ny Filohan'ny Antenimierampirenena Malagasy ny mitarika ny « Forum Parlementaire de la SADC » mandritra ny roa taona ho avy.
Atao anio Zoma faha-13 Desambra 2024 ny famaranana ny fivoriana faha-56 sy ny famindram-pahefana eo amin'ny Filoha teo aloha sy ny tenako aty « Livingstone Zambie ». Izay no antony lehibe tsy maha any an-toerana ny tenako ary ametrahana fialan-tsiny aminareo.

Raiso, Ramatoa sy Andriamatoa Solombavambahoakan'i Madagasikara, ny haja atolotra ho anareo.

Manao sonia, TOKELY Justin, Filohan'ny Antenimierampirenena.

Izay no ela fa hiditra amin'ny lahateny famaranana isika.

**- 4 -**
**- Kabary nataon'Andriamatoa Filoha Mpisolo toeran'ny Antenimierampirenena -**

**Andriamatoa FILOHA**
Tompokolahy sy Tompokovavy.
Andriamatoa Praiminisitra, Lehiben'ny Governemanta ;
Andriamatoa Filohan'ny Antenimierandoholona ;
Andriamatoa Filohan'ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana ;
Andriamatoa sy Ramatoa Minisitra, mpikambana ao amin'ny Governemanta;

Andriamatoa sy Ramatoa Mpikambana ao amin'ny Birao Maharitry ny Antenimierampirenena ;
Ianareo Solombavambahoakan'i Madagasikara, namana hajaina rehetra ;
Andriamatoa Filohan'ny Filankevitra Ambony miaro ny Demokrasia sy ny Tany Tan-dalàna (HCDDED) ;
Andriamatoa Filohan'ny Vaomieram-pirenena Mahaleotena Miahy ny Zon'olombelona (CNIDH) ;
Andriamatoa Mpampakateny izay misolotena ny Filohan'ny Vaomieram-pirenena Mahaleotena misahana ny Fifidianana na ny (CENI );
Andriamatoa Sekretera Mpanatanteraka eo anivon'ny Filankevitry ny Fampihavanana Malagasy (CFM) ;
Andriamatoa Filohan'ny Delegasiona manokana eto amin'ny Kaominina Antananarivo Renivohitra ;
Andriamatoa Lehiben'ny Fokontany Fiadanana ;
Ianareo mpiara-miasa rehetra eto amin'ny Antenimierampirenena izay tarihin'Andriamatoa Sekretera Jeneraly misolo toerana ;
Ianareo mpanao gazety avy amin'ny haino aman-jery samihafa ; Ianareo olo-manankaja ambony sivily sy miaramila izay manatrika etoana araka ny laharam-boninahitra misy anareo avy.

Tompokolahy sy Tompokovavy,
Amin'ny tava mirana sy fo falifaly mandrakariva no andraisana anareo vahiny manan-kaja tonga manotrona sy manome voninahitra anay Solombavambahoakan'i Madagasikara eto izao.
Isika tompon-trano rahateo felan-tànana mangaika sy andry iankinana, antoky ny fahatanterahan'ny fivoriana izay natao teto nandritra izay roa volana izay.

Koa finaritra Tompokolahy, salama Tompokovavy, mbola tsara isika jiaby.

Izay no ela fa raha hiditra amin'ny votoatin-dahateny isika dia volavolan-dalàna miisa 12 no napetraka teto amin'ny Biraon'ny Antenimierampirenena, nodinihina sy lany avokoa izy ireo.

Isan'ny zava-dehibe tamin'izany ary ivon'ny fotoam-pivoriana rahateo ny fandaniana ny volavolan-dalàna ifehezana ny tetibolam-panjakana, taona 2025.

Mahakasika izany dia misongadina ny fanatevenana ny tetibolan'ny hanam-pamokarana na ny « budget d'investissement ». Raha adika izany dia ho maro ireo fotodrafitrasa, ao ny hotohizana, ao koa ny mbola hatomboka mba ho fampandrosoana an'i Madagasikara.
Hita ao koa ireo ezaka fanatsarana ny fampidiram-bolam-panjakana amin'ny alàlan'ny hetra na amin'ny alàlan'ny ladoany.

Tsikaritra ihany koa, avy amin'ny alàlan'io tetibola io ny fahavononantsika hanao ezaka sy dingana goavana amin'ny fahavitan-tena ara-tsakafo, indrindra eo amin'ny lafiny vary, izay efa nambaran'ny Filohampirenena Andry RAJOELINA. Midika izany fa tena hirosoana tokoa ny asa raha ny ambaran'io tetibola io.

Ny fisokafana amin'ny fandraisana ho mpiasam-panjakana dia efa andrandrain'ny maro fatratra, efa hita taratra sy voasoratra izany ka isaorana ny fitondram-panjakana.

Anisan'ny volavolan-dalàna izay misongadina ihany koa ny mahakasika ny fankatoavana ny fananganana ny «Zone de Libre-Echange Continentale Africaine » (ZLECAf). Izy io dia tsena malalaka ahitana famoronan-karena ara-barotra izay mikendry ny hanamorana ny fifanakalozana ara-barotra eo amin'ny firenena Afrikana amin'ny alàlan'ny fanalana ireo karazana sakana ara-barotra sy ireo mahakasika ny haban-tseranana rehetra. Koa tsy maintsy araraotina ny fisian'ny sehatra toy itony satria sarotra amintsika Malagasy ny hialangalana na tsy hiroso amin'ny fifandraisana rezionaly sy kaontinantaly (intégration régionale et continentale) mitovy amin'ireo firenena Afrikana hafa. Raha ny fandinihanay azy teto ka iainantsika ary haintsika ny manararaotra azy dia isan'ireo fandaharan'asa manohana ny fandrosoana ara-toekarena sy ireo ezaky ny fitondram-panjakana ny fanatanterahana ny Politikam-panjakana Ankapobeny io ZLECAf io. Mikendry indrindra ihany koa amin'ny fampivoarana ny mahaolona, ny fampivoarana ny indostria ary ny fitondrana tsara tantana.

Anisan'ny hampitombo ny fampiasam-bola mivantana avy any ivelany na ny « investissement direct étranger » ny fidirantsika amin'io rafitra io satria mitombo sy mivelatra bebe kokoa ny tsena.
Koa manainga antsika malagasy indindra ireo mpandraharaha ara-toekarena isan-tsokajiny mba hahay hanararaotra amin'izao fidirantsika amin'ny tsenaben'ny kaontinantaly goavana io.

Momba ny volavolan-dalàna, izay nolaniana teto ihany, tsara ny hahalalan'ny vahoakan'Antananarivo fa nandalo sy nolaniana teto ny Volavolan-dalàna mikasika ny "Fly over Maki" eo amin'ny sampanan-dàlana "Route Francophonie" sy ny "Boulevard de l'Europe", natao indrindra amahana amin'ny ampahany ny olan'ny fitohanan'ny fifamoivoizana izany.

Eo amin'ny asa ankoatr'izany koa, maromaro ireo fiofanana sy atrikasa natrehan'ny Solombavambahoaka sy ny mpiasa teto anivon'ny Antenimierampirenena ary tao koa ny fitsidihana maro hafa izay nitranga.

Tamin'ny faha-6 Desambra 2024 ny COI "Commission de l'Ocean Indien" sy ny AFD "Agence Française de Développement" dia nanatanteraka fampiofanana ho fanamafisana ny fahaiza-manaon'ny Mpanao Gazety, momba ny andraikitra sahanin'ny Antenimierampirenena.

Ny faha-19 ka hatramin'ny faha-20 Novambra 2024, notanterahana teto Madagasikara ny fivorian'ny Komity Mpanatanteraka ny Fikambanan'ny Parlemantera eo anivon'ny "Commission de l'Ocean Indien" APCOI. Izany dia mikendry ny hampiroboroboana ny fifanakalozana sy ny fiaraha-miasa eo amin'ny Parlemanta samihafa, atrikasa mikendry ny fanatsarana ny fiainan'ny tanora amin'ny alàlan'ny fandaharan'asa sy fanaovana tomban'ezaka ny politikam-panjakana mikasika ny tanora.

Ny faha-6 Novambra 2024, atrikasa natrehin'ny "Réseau Parlementaire National pour la Justice Reproductive" RPNJR tany Toamasina ny faha-6 ka hatramin'ny faha-8 Novambra 2024, atrikasa fampahafantarana ho an'ny Solombavambahoaka vaovao maniry hiditra ao anatin'ny tambazotra ary hanamafisana ny fahaiza-manao ho an'ireo mpikambana tranainy.

Ny faha-2 Desambra 2024, lany nandritry ny fifidianana, ireo solotena roa avy amin'ny Antenimierampirenena ho mpikambana eo anivon'ny Fitsarana Avo (Haute Cour de Justice).

Nofidiana teto ihany koa ny Filohan'ny Vaomiera manokana misahana ny fiampangana manoloana ny Fitsarana Avo na ny "Haute Cour de Justice".

Teo ihany koa ny fifidianana izay ho solotena eo anivon'ny Vaomiera Malagasy misahana ny Haikajy Mirindra sy ny Fahafahana na ny "Commission Malgache de l'Informatique et de la Liberté" CMIL eto amin'ny Antenimierampirenena.

Ny faha-21 Novambra 2024, nitsidika ny Lapan'ny Antenimierampirenena ireo Delegasiona avy any "Seychelles", rehefa avy nanatrika ny fivorian'ny Komity Mpanatanteraky ny Fikambanan'ny Parlemantera eo anivon'ny "Commission de Ocean Indien" na ny APCOI.

Ny faha-7 Novambra 2024, fandaharam-potoana voalohany notapahan'ny Vondron'ny Mpanohitra ho fampiharana ny voalazan'ny Lalàmpanorenana, ao amin'ny andininy faha-102, koa fanontaniana am-bava no nosafidian'izy ireo. Voakasika tamin'izany ny Minisitry ny Foloalindahy, ny Minisitry ny Filaminam-bahoaka, ny Minisitra Delege misahana ny Zandarimariam-pirenena, ny Minisitry ny Rano, ny Fanadiovana ary ny Fidiovana, ny Minisitry ny Angovo sy Akoran'afo, ary ny Minisitry ny Asa Vaventy.

Ny faha-22 Oktobra 2024, tatitry ny asa vitan'ny Vaomiera Mahaleotena Misahana ny Zon'Olombelona (Commission Nationale Indépendante des Droits de l'Homme" CNIDH sy ny Komity Mamolavola ny paikadim-pirenena iadiana amin'ny Kolikoly SNCLC na ny "Stratégie Nationale de Lutte Contre la Corruption".

Mikasika ny fitsidihana, ny faha-2 Desambra 2024, nitsidika ara-pomba fanajana ny Filohan'ny Antenimierampirenena ny Masoivohon'i Afrika Atsimo, izay vao tonga, miasa ary monina eto Madagasikara dia Andriamatoa KHAZAMULA Chabane.

Noraisin'ny Filohan'ny Antenimierampirenena ny Solontena Maharitry ny EISA (Représentant Pays EISA à Madagascar), Andriamatoa VALDIODIO Ndiaye.

Ny faha-28 Novambra 2024, nitsidika ara-pomba fanajana ny Filohan'ny Antenimierampirenena ny Solotenan'ny FMI na ny "Fonds Monétaire International" miasa sy monina eto Madagasikara dia Andriamatoa EKLOU Kodjovi.

Noraisin'ny Filohan'ny Antenimierampirenena ny Ambasadaoron'i "Maroc" eto Madagasikara, Andriamatoa MOHAMED Benjilany, nanatanteraka ny fitsidihana ara-pomba fanajana.

Ny faha-13 Novambra 2024, nitsidika ara-pomba fanajana ny Filohan'ny Antenimierampirenena ny Masoivohon'ny Repoblikan'i Alzeria miasa sy monina eto Madagasikara, Andriamatoa FILALI Ghouini.

Ny faha-24 Oktobra 2024, fitsidihan'ireo Ambasadaoro roa ny Filohan'ny Antenimierampirenena dia ny "Ambassadeur de l'Union Européenne", Andriamatoa ROLAND Kobia masoivoho vaovao voatendry hiasa eto Madagasikara sy ny "Ambassadeur de la République Islamique de l'Iran", Andriamatoa HASSAN Ali Bakhshi.

Ny faha-21 Oktobra 2024, nitsidika ara-pomba fanajana teto amin'ny Antenimierampirenena ny iraka avy amin'ny firenena mikambana mikasika ny ady amin'ny SIDA notarihin-dRamatoa ANNE Muthoni Githuku Shongwe "Directrice Régionale ONUSIDA" sy Adriamatoa Jude Padayachy "Directeur Multipays ONUSIDA".

Santionany ihany ireo, fa tao koa ireo mpianatra sy mpikambana maro izay tonga sy nitsidika teto amin'ny Lapan'ny Antenimierampirenena.

Tompokolahy sy Tompokovavy,
Eo amin'ny raharaham-pirenena, koa satria vaninandro mendrika fitsaharana ara-politika na "trêve politique" izao andalovantsika sy iainantsika izao ka heverinay fa tsy tokony handahatra betsaka mikasika io aloha isika amin'ity andro anio ity.

Ny hany tsy aritra kely fotsiny angamba dia ny fanentanana ny rehetra mba samy hiandry ampitoniana ny valim-pifidianana izay vao natrehantsika talohan'ny omaly iny.

Tompokolahy sy Tompokovavy,
Efa manitra ny vaninandro Noely ihany koa isika ankehitriny ary mihamanatona ny asaramanitra efa misy sahady ny fanomezana na ny "cadeaux" ho an'ny vahoaka Malagasy izay avy amin'ireo tanora ekipam-pirenena ANKOAY lahy sy vavy, teo amin'ny taranja Baskety Baolina dia ny nahazoantsika ny medaly volamena tamin'ny amboara "FIBA 3X3 Africa Cup 2024". Miarahaba azy ireo isika izay nitondra avo ny voninahi-pirenena.

Etỳ ampamaranana dia tsy hay ny tsy hisaotra sy hanome fisaorana anareo rehetra, isika rehetra izay vory manemotra ny trano tonga manotrona sy manome voninahitra izao lanonam-pamaranana izao.

Isaorana manokana isika Solombavambahoakan'i Madagasikara rehetra, nifanindry tamin'ny fampielezan-kevitra sy ny fifidianana kaominaly ny fotoam-pivoriana na izany aza tsy nanakana antsika ho tonga handray anjara mavitrika. Nizotra antsakany sy andavany arak'izany koa ny lahadinika rehetra voafaritra ary betsaka sy maro izy ireo.

Koa dia mirary sahady ny vahoaka Malagasy rehetra hanao ny fetin'ny Krisimasy sy ny faran'ny taona ao anatin'ny filaminana sy fahatoniana tanteraka ary samy ho tratry ny taona vaovao 2025 isika mianakavy.
Soava tsarà, mandrosoa hasina avokoa isika rehetra, Tompoko.

Misaotra Tompokolahy,
Mankasitraka Tompokovavy.

- Tehaka -

**- 5 -**
**- Fifaranan'ny fivoriana -**

**Andriamatoa FILOHA**
Tompokolahy sy Tompokovavy, ambarako fa mifarana ny fivoriana ara-potoana faharoan'ny Antenimierampirenena, taona 2024.

Mirary ny Solombavambahoaka rehetra mba samy ho tonga soa aman-tsara any amin'ny Distrika izay iadidiany avy, hahatontosa antsakany sy andavany ny adidy apetraky ny vahoaka taminy tsirairay avy.

Mirary soa ihany koa ho tratry ny fetin'ny asaramanitra avokoa isika rehetra.

Ankasitrahana feno ianareo Lehiben'ny Andrimpanjakana, eo ianao Andriamatoa Praiminisitra, Lehiben'ny Governemanta NTSAY Christian, Andriamatoa Filohan'ny Antenimierandoholona ny « Général de Corps d'Armée » RAVALOMANANA Richard sy Andriamatoa Filohan'ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana, ianareo solotenam-panjakana avy ary indrindra ianareo mpikambana eo anivon'ny Governemanta.

Mifarana hatreo ny fivoriantsika.

Misaotra Tompokolahy,
Mankasitraka Tompokovavy.

Nifarana tamin'ny 11 ora sy 40 minitra, atoandro, ny fivoriana rehefa avy nisaotra ny mpivory, Andriamatoa Filoha.

- Lakolosy -

**NY FILOHA**

**TOKELY Justin**